

**Fampitam-baovao**

FIDINANA IFOTONY TENY AMIN'NY TSENAN'ANOSIBE

Taorian'ny fivoriana natao teto Mahazoarivo ny 04 desambra 2017, izay nijerena ireo vahaolana amin'ny fampidinana ny vidim-bary, dia nidina ifotony nijery ny
zavamisy teny amin'ny tsenan'Anosibe ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, Mahafaly Solonandrasana Olivier ny
**marainan'ny talata 05 desambra 2017**
. Nandritra izany no nitafatafany tamin'ireo mpamongady mba hahafantarana ny zavamisy marina amin'izao fiakaran'ny vidim-bary izao.

Ny niandohan'ny olana dia ny tsy fahampian'ny voka-bary teto an-toerana noho ny fiovaovan'ny teotrandro ka nampidina ny habetsahan'ny vary avy eto an-toerana  teny amin'ny tsena.




Hita nandritra ny fidinana ifotony fa ny vary vokatra eto an-toerana dia manodidina ny 2.000 ariary na mihoatra an'izany ny vidin'ny iray kilao. Raha ny vary nafarana avy any ivelany kosa

dia manodidina ny 1800 ariary ny vidin'ny iray kilao andefasan'ny mpamongady azy, eny amin'ny tsenan' Anosibe. "*Raha ireo no hita dia tsy tokony haka tombony betsaka ireo mpaninjara fa eo amin'ny 10% farafahabetsany. Manao antso avo amin'ny vahoaka indrindra ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa mba hiaraka hientana amin'ny fitondram-panjakana hanara-maso ny zavamisy. Marina fa efa malalaka ny vidin-javatra fa tsy azo lalaovina ny aim-pirenena satria ny vary no foto-tsakafon'ny Malagasy* ", hoy ny Lehiben'ny Governemanta.

Hita araka izany fa ny vary avy eto an-toerana no midàngana ny vidiny noho ny vokatra tsy ampy. Nanome fanazavana ny Praiminisitra fa naka fanapahan-kevitra ny fitondram-panjakana amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny varotra izay nanao fifanarahana amin'ireo mpamongady manomboka any Toamasina. Efa misy mpamongady maromaro miara-miasa amin'ny fitondram-panjakana ka anisan'ny nifanarahana ny fametahana ny vidim-bary ho hitan'ny rehetra. Tokony ho eo amin'ny 72.000 ariary araka izany ny iray gony. Hidina any Toamasina ny Minisitry ny varotra sy ny fanjifana hijery ny fanatanterahana izay fifanarahana izay.



Anisany ezaka ataon'ny fitondram-panjakana ihany koa ny fanafainganana ny famoahana vary any amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina, ny fanamoràna ny famoahana ny *"certificat de consommabilité"*
eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Atao izany mba hahafahana mampitobaka ny vary eto Antananarivo sy manerana ny Nosy ka hampidina ny vidiny. Anisany ezaka ataon'ny fanjakana ihany koa ny fananganana ny "task force" manerana ny distrika izay ahitana ny lehiben'ny distrika, ny ao amin'ny Ministeran'ny varotra sy ny fanjifana, ny ao amin'ny Minisiteran'ny fitaterana mba hijery isan'andro ny vidin'ny vary vokatra avy eto an-toerana sy ny nafarana avy any ivelany, ny tahiry ary ny filàna isam-bolana. Tanjona ny hahafahana manafoana ny tsy fisian'ny tahiry sy hanafoanana ny fanararaotana.

